



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fidivana • Tenindrazana • Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-290EX

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-001/2024 TAMIN'NY 24 JANOARY 2024 «MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2014-020 DU 27 SEPTEMBRE 2014 RELATIVE AUX RESSOURCES DES COLLECTIVITES TERRITORIALES DECENTRALISEES, AUX MODALITES D'ELECTIONS, AINSI QU'A L'ORGANISATION AU FONCTIONNEMENT ET AUX ATTRIBUTIONS DE LEURS ORGANES, MODIFIEE ET COMPLETEE PAR LA LOI N°2018-011 DU 11 JUILLET 2018 ET PAR LA LOI N°2021-010 DU 05 AOUT 2021»

Fivoriana faha-5  
Natao ny  
Zoma 2 Febroary 2024  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa HENRI Jean Michel  
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarisoa Sedera

**FOTOANA:** Zoma 2 Febroary 2024 tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la Loi n°2021-010 du 05 Août 2021».

Nitohy ny Zoma 2 Febroary 2024 tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarisoa Sedera, Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny tenany mba hamaky ny tatitra momba ny Volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia 31 Janoary 2024 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à

l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 Août 2021».

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana, tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
2. RABENARY Jean
3. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
4. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
5. VELONTSARA Paul Bert
6. VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
7. ROCHELIN Houssen
8. RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena
9. ANGELE Solange
10. EDIZARD
11. JOHASY RAHARISOA Eléonore
12. HENRI Jean Michel

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. TSARADIA Marco
4. HENRI Jean Michel
5. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
6. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
7. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
8. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
9. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
10. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.

Tsy tonga nanatrika ny fivoriana ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana; ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana ary ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RASOLOMANANA Beby
2. DARKHAOUI Siritis
3. SATRA Augustin
4. PEPIN Michou
5. RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
6. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
7. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
8. RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
9. ASSIMO Bruno
10. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisolo tena ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |    |                                      |                                      |
|----|--------------------------------------|--------------------------------------|
| 1. | RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY            | SG/MI                                |
| 2. | SAID Ahmad Jaffar                    | DG INDDC                             |
| 3. | RABETAHINA Pascal Pierrot            | DGD                                  |
| 4. | MAHAZOASY Roger                      | DCC/DED                              |
| 5. | RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo        | DELED/MI                             |
| 6. | RAZAFINDRAMANGALAHY Thadée Rodolphin | Chef de service de la<br>Legislation |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany mikasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana tamin'izany fa ity volavolan-dalàna ity dia mitondra fanovàna tokana ihany amin'ny andininy faha-130 ao amin'ny lalàna laharana faha-020-2014 tamin'ny 27 Septambra 2014 izay efa nitondran'ny lalàna laharana faha-011-2018 tamin'ny 11 Jolay 2018 fanovàna ihany koa io lalàna laharana faha-011-2018 tamin'ny 11 Jolay 2018 dia milaza, fa raha misy ny fahabangan-toeran'ny rafitra Mpanantanteraka eny anivon'ireny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ireny dia apetraka ny "délégation spéciale" izay ahitana olona miisa telo ao anatin'ny ary tsy maintsy mpiasam-panjakana avokoa izy ireo. Ny olana hita tamin'izany dia ny fitadiavana ireo mpiasam-panjakana telo izay handrafitra azy ary tokony hanana traik'efa amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny ankapobeny.

Natao ity volavolan-dalàna ity mba tsy ho voatery ho mpiasam-panjakana raikitra intsony ny filoha fa ireo filoha lefitra miisa roa kosa no tsy maintsy mpiasam-panjakana raikitra. Natao izany mba hanamorana ny fampandehanan-draharaha sy ny fampandrosoana eo anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana rehefa misy fahabangana toerana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**FANAMARIHANA:**

- Nanamarika ny Solombavambahoaka fa tsy tokony hoferana ho mpiasam-panjakana na tsia ny fanendrena ny “délégation spéciale” fa izay olona hita fa manana traik’efa amin’ny fitantanana no tokony hotendrena amin’izany.

- Nisy koa nilaza fa tokony ho mpiasam-panjakana avokoa ireo olona mandrafitra ny “délégation spéciale” rehetra satria efa manana traik’efa amin’ny fintantan-draharam-panjakana izy ireo.

- Tsy voatery ho olona avy amin’io Kaominina io ihany no hotendrena filoha lefitry ny “délégation spéciale”, fa afaka ataon’ny olona avy amin’ny toeran-kafa izany rehefa hita fa mahafeno ny fepetra takiana amin’izany ilay olona.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY NY VALINY:**

- 1- Aiza ao amin’ny andininy faha-130 ao amin’ny lalàna no milaza fa tsy maintsy mpiasam-panjakana raikitra avokoa ireo olona miisa telo ao anaty “délégation spéciale”?
  - Ao anatin’ny lalàna laharana faha-011-2018 tamin’ny 11 Jolay 2018 no misy izany.
- 2- Ny Kaominina tsy manana Ben’ny Tanàna hatrizay ve no hosoloina sa izy rehetra?
  - Ireo Kaominina izay tsy manana Ben’ny Tanàna sy ireo izay tokony hosoloina noho ny antony manokana, toy ny fahafatesana na ireo toerana manana Ben’ny Tanàna voaheloka no hametrahana “délégation spéciale”.
- 3- Afaka milatsaka hofidiana ve ny “Président de la délégation spéciale” (PDS) amperin’asa?
  - Afaka milatsaka hofidiana izy fa tsy maintsy mametra-pialana mialoha ary manendry mpisolo toerana.
- 4- Maninona ireny Didim-pitsarana famerenana ny fifidianana ireny no tsy nampiharina hatramin’zay?
  - Maro ireo dingana arahina amin’izany fanatanterahana fifidianana izany ary tsy miankina amin’ny Minisiteran’ny Atitany irery ihany ny tsy fandehanan’ny fifidianana satria maro ireo rafitra mikarakara izany eto amin’ny Firenena. Misy ihany koa ny lafiny ara-potoana, toy ny tsy fahafahana manao fifidianana raha toa latsaky ny roa taona tsy ifaranan’ny fe-potoana iasan’ny Ben’ny Tanàna ny ambiny amin’izany fe-potoana izany.

Taorian’izay, niroso tamin’ny fandania ny volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana. Marihana fa tsy nitondra fanitsiana na fanovàna ny Vaomiera mpanapakevitra.

**Famelabelarana ny antonantony:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy voalohany:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-2:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-3:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Andininy faha-4:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana.

Taorian'izay, nolanian'ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 Septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la loi n°2021-010 du 05 Août 2021» ary hoentina eny anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambara fa hiditra amin'ny fanitsiana izany ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta.

Nanamarika, Andriamatoa SATRA Augustin, raha nandray fitenenana, fa 27 Septambra 2014 no marina fa 24 Septambra 2020, araka ny voasoratra ao amin'ny tatitra, eo amin'ny pejy faha-3, ka tokony hovaina io daty io.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana koa ny solotenan'ny Governemanta raha misy fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra novakiana teo.

Fanitsiana mikasika ny anaran'ireo teknisiana solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika ny asam-baomiera no nataon'Andriamatoa ANDRIANTSITOHAINA Naina, Minisitry Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ary ny Sampandraharaha momba ny Fananan-tany, izay hita ao amin'ny pejy faha-3 ihany, ka toy izao no fanitsiana nentiny:

1. RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY, fa tsy RASOLOMAHOLY RAKOTOMANANA.
2. SAID Ahmad Jaffar, DG INDDL fa tsy INDDC.
4. MAHAZOASY Roger DCC/DGD fa tsy DCC/DED.

Taorian'izay, mbola nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana indray Andriamatoa ANDRIANTSITOHAINA Naina, Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ary

ny Sampandraharaha momba ny Fananan-tany, mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nambarany fa tafiditra ao anaty Vina napetrak'Andriamatoa Filohampirenena amin'ny fotoam-piasany amin'izao fotoana izao no antony nandrafetana indray ity Volavolan-Dalàna ity. Taratra ao anatin'ny fitsinjovana ny sosialim-bahoaka, ny indostria ary ny fametrahana fitondrana tsara tantana, izay mifanaraka amin'ny filan'ny Vahoaka Malagasy rehetra any ifotony. Izay no antony ilazana azy ho laharam-pahamehana ka nahatonga ny Minisitery namolavolana ity Volavolan-dalàna ity. Mba hahatongavana amin'ny tanjona hotratrarina dia tsy maintsy atomboka amin'ny Fitsinjaram-pahefana izany.

Tsapa ihany koa, fa ny olom-boafidy no tena mifanerasara sy mahafantatra ny vahoaka entiny. Izany hoe, mahalala ny zavatra iainany sy ilainy andavan'andro, toy ny resaka tany, ny fandriam-pahalemana, ny tsena sns...

Eo antrehan'izay, ny olom-boafidy no mampita izany rehetra izany aty amin'ny Fanjakana Foibe ka manampy azy ireo amin'ny fanatanterahana ny vinam-pampandrosoana eny ifotony izay voarakitra ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Manana adidy hihaino sy hanome lanja ny feon'ny olom-boafidy koa ny Minisitery ary tsy maintsy miara-miasa amin'izy ireo. Izany rehetra izany dia miseho eny amin'ny vondrom-bahoaka intsinjaram-pahefana izay akaikin'ny olom-pirenena tsy ankanavaka.

Mila mifandrindra tsy tapaka, mila mandamina fiaraha-miasa ny Fitondram-panjakana sy ny olom-boafidy, ka izany no antony nanambarana ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany, izay tantanako ankehitriny, hoy hatrany Andriamatoa Minisitry. Ny antony dia mba hahafahana mandrindra ny asa rehetra hotanterahana eny ifotony, ho fametrahana fotodrafitrasa ka ny vahoaka no hisitraka izany amin'ny alàlan'ny paikady fanajariana ny tany. Izany hoe, mamaly ny hetahetan'ny vahoaka ny asa fampandrosoana hatao.

Nomarihany koa fa mila fahamarinan-toerana na "stabilité" ny fitantanana ny raharaham-panjakana, ka izany dia arahin'ny fanamafisana sy fanohizana ny fampandehanan-draharaham-panjakana eny ifotony.

Nambaran'Andriamatoa Minisitry, ihany koa fa nitondrana fanitsiana ny andininy vitsivitsy ao amin'ny lalàna laharana faha-2014-020, ka tokony hanohy tsy tapaka ny asany ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana rehetra eto amintsika. Nohamafisiny fa betsaka ny Kaominina no tsy manana Ben'ny Tanàna kanefa mbola miandry ny fifidianana azy ireo isika amin'izao fotoana izao. Izany hoe, tsy tokony hankinina amin'ny toe-draharaha politika ny zavatra atao, satria natao hiasa tsy tapaka ho an'ny vahoaka ny olom-boafidy. Izany no antony nahatonga ny Minisitery nandinika ny tokony hanovàna ny lalàna mba hifanaraka amin'ny filan'ny Vahoaka. Raha mbola tsy niala amin'ny maha olom-boafidy azy ny olona iray dia tokony hanohy hatrany ny asany izy ary tokony hosoloina olona hafa kosa raha tsy manana olom-boafidy ny Kaominina iray.

Nambarany koa, fa mamaly ny filàna voalaza teo aloha ity andininy faha-130 vaovao ity. Fanampin'izay, manamora ny fanendrena ireo toerana na Kaominina tsy manana olom-boafidy ny fampiharana azy.

Raha tsy afaka manohy ny asany ny olom-boafidy, tsy voatery ho mpiasam-panjakana ihany no hotendrena hisolo ny toerany hitarika ny delegasiona manokana, fa olona vonona hitondra ny anjara birikiny sy manana ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fampandrosoana. Izay no mason-tsivana takiana voalohany. Izany hoe, olona mahafantatra tsara ny filàna ny vahoaka sy vonona hiara-hiasa amin'ny Fanjakana Foibe.

Nomarihany fa olom-pirenena tahaka ny olona rehetra ny Filohan'ny Delegasiona Manokana, ka raha maniry hilatsaka hofidina ny tenany dia afaka milatsaka raha mahafeno ny fepetra takian'ny Fanjakana. Zo fototra ananany ny filatsahany hofidina, kanefa mba hitandroana ny fenitra amin'ny fitantanan-draharaha, ireo Filoha Lefitra miisa roa dia tsy miansy mpiasam-panjakana, izay no arahina ao anatin'ireo mpikambana ao amin'ny Delegasiona Manokana.

Teo ampamaranana ny fanazavany, nangataka fiaraha-miasa tamin'ny Solombavambahoaka ny tenany, mba handaniana ity Volavolan-dalàna ity, satria fampandrosoana ny Firenena no tanjona.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny Volavolan-dalàna ny mpivory sady nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, nambarany, fa olona manana traikefa daholo ny ankabeazan'ny teknisiana ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pañefana raha ny fahitany azy. Olona efa nitondra tamin'ny andron'ny Repoblika Faharoa sy Fahatelo, ka mahalala tsara ny asan'ny "Président de la Délégation Spéciale" na ny PDS. Izany hoe, olona manana traikefa. Raha tamin'izany andron'ny Repoblika Voalohany no asiana teny, nisy tranga fanesorana olom-boafidy ary nosoloina ho Filohan'ny Filankevi-bahoaka ny olom-boafidy. Nesorina indray ny olom-boafidy taty aoriana satria namoa-tsampona ny ankamaroany. Amin'izao fotoana izao kosa, lasa manan-kevitra hamerenana izany indray ny Minisitry. Tokony isitonana lesona ny zavatra tahaka izany.

Ho an'ny Distrikan'Arivonimamo manokana, tsy eo an-tampon-tanànan'ny Renivohitry ny Kaominina iray no misy biraom-pifidianana, koa raha olona avy any ivelan'ny "circonscription"-n'io Kaominina no hapetraka ho Filohan'ny Delegasiona Manokana, araka ny voalaza ao amin'ny Volavolan-dalàna, hanahirana izany, azo atao ny manao hosoka amin'ny fifidianana hatao. Raha toerana vitsy no tsy manana olom-boafidy, inona no antony tsy anaovana ny fifidianana, sa olona tsy fantatra no kasaina hapetraka ho Filohan'ny Delegasiona Manokana amin'ireo Kaominina tsy manana Ben'ny Tanàna ireo.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina kosa raha nandray fitenenana, fisaorana ny fitondram-panjakana no nanombohany izany noho ny fanitsiana ho fanatsarana ity lalàna ity.



Nambarany fa tsy mitovy tamin'ny fomba teo aloha tamin'ny nanendrena ny Filohan'ny Delegasiona Manokana ity indray mitoraka ity. Teo aloha, raha misy Ben'ny Tanàna amperin'asa ka tsy azoazonao ny fiasany na tsy mpisehatra politika iray aminao dia esorina tamin'ny toerany izy. Tsy mitovy amin'izany ity lalàna ity. Ny tanjona, tsy maintsy mandeha ny raharaham-pirenena ary rehefa misy fahabangan-toeran'ny olom-boafidy, soloina ny toerany mba tsy hisian'ny elanelana amin'ny toerana hafa manana olom-boafidy.

Nanamarika koa ny tenany tamin'ny teny voalazan'Andriamatoa RAFIDIMANANA Nanson tamin'ny fivoriambe tamin'ny maraina hoe: nijaly ny Solombavambahoaka tamin'ny tsy naha teto an-tanindrazana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena. Ny zavatra marina, tsy nisy an'izany ary Andriamatoa Solombavambahoaka nilaza an'izany teny izany aza tsy tonga mivory matetika. Tsy mety ny tahaka izany fa mahatonga olana.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny Volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-harimanana Seth indray, nanambara fa raha te-hampandroso firenena ny fitondram-panjakana, mila mandray fanapahan-kevitra hentitra ary tsy maintsy manala ny sakana mba ahafahana miroso amin'ny fampandrosoana marina.

Nambarany koa fa miisa valo ny Kaominina manana olana amin'ny resaka Ben'ny Tanàna ao amin'ny Faritra Matsiatra Ambony; ao ny nindaosin'ny fahafatesana, ao ny manana olana amin'ny tsy fahavitan'ny fifidianana, ao ny nigadra. Mba hampiharana ity lalàna nasiampanovàna ity mba hiroso amin'ny tsaratsara kokoa no antony ankasitrahana ny fanovàna natao. Izany hoe, mba hialana amin'ny fahatarana efa nisy teo aloha.

Miombon-kevitra amin'ny tokony handaniana ity Volavolan-dalàna ity koa ny tenany ary nanentana ny Solombavambahoaka mba handany azy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, nanamarika fa tahaka ny fiara "chevrolet" maharaka ny toetr'andro daholo ny teknisiana miaraka amin'Andriamatoa Minisitry, fa tsy araka ny voalazan'ny namana teo aloha hoe: efa tranainy, tany amin'ny andron'ny Repoblika Voalohany sy Faharoa.

Nomarihany koa fa ny lalàna dia tsy vita iray andro ny fanaovana azy, ka rariny raha mila fanatsarana hatrany, toy ny natao tamin'ny taona 2018, ny natao tamin'ny taona 2021 ary izao mbola itondrana fanatsarana izao indray amin'ity taona 2024. Izany hoe, miaina ny lalàna, fa tsy avela amin'izao, mila hetsehina izy, mila fanatsarana araka ny vanim-potoana mahamety azy.

Naneho fisaorana ny tenany tamin'ny fanovàna naroso nilaza hoe: tsy voatery ho mpiasampanjakana ihany no azo tendrena ho Filohan'ny Delegasiona Manokana, fa rehefa mahafeno fepetra sy manana ny fahaiza-manao ary manam-pahaizana dia azo tendrena ho PDS. Izay no voalazan'ny Andininy faha-130 vaovao, ka ankasitrahana manokana ny faharanitan-tsaina sy fahaiza-mitantana nentin'Andriamatoa Minisitry, nanova io andininy io.

Nambarany koa fa mazava ny voalazan'ny PGE natolotry ny Praiminisitra omaly, mazava ny fototra hametrahana ny PDS dia ny hanomezana azy "pouvoir décisionnel", ny fanomezana "ressource", ny olona sy ny vola hoentina hampandrosoana. Mazava ny famaritana amin'ny tokony hanovàna ny lalàna.

Nambarany fa resy lahatra ny tenany satria efa misy arofanina napetraka koa ato anatin'ny Volavolan-dalàna. Tsy maintsy mpiasam-panjakana, hoy ny volavolan-dalàna, ireo Filoha Lefitra roa mandrafitra ny PDS hotendrena, marina izany saingy mangataka ny hametrahana "disposition transitoire" amin'ity Volavolan-dalàna ity, mba tsy hisy olona notendrena ho PDS androany ka hilatsaka hofidina indray izy rahampitso. Lalàna hipetraka ity, azo hatsaraina indray amin'ny fotoana manaraka, ka raha mety tokony hametraka fepetra ihany isika.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, taorian'izay ary nanambara fa saika mitovy hevitra daholo ny Solombavambahoaka amin'ny fanavaozana nentina tamin'ity Volavolan-dalàna, koa maninona raha miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'izay ny fivoriambe.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert kosa namaly avy hatrany, fa tsy tokony hotampenam-bava ny Solombavambahoaka fa aleo samy haneho ny heviny.

Taorian'izay, niarahaba an'Andriamatoa ANDRIANTSITOHAINA Naina, tamin'ny nahavoatendry azy ho Minisitry ny tenany.

Nambarany koa fa tamin'ny naha-Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra an'Andriamatoa Minisitry, efa nanome toromarika amin'ny tokony hisamborana ny olona mpangalatra sy mpanodinkodim-bola tao amin'ny Kaominina ny Solombavambahoaka. Notanterahanao tokoa izany, ka isaorana etoana. Amin'izao fotoana izao, Minisitry misahana ny Fananan-tany ianao, noho izany tokony ho afaka manenjika ireo olona mpangalatra tany eto Madagasikara amin'izay ary vonona ny hanome tolo-tànana amin'izany koa ny Solombavambahoaka.

Nomarihany koa fa raha misy olana mety hitranga eto Madagasikara any aoriana any dia io resaka halatra tany io. Koa amin'izao fotoana izao, eo Andriamatoa Minisitry, tokony hitondra vahaolana hamahana izany satria sao hiteraka ady ny fitaran'izany halatra tany izany.

Nanamafy ny tenany, fa ny volavolan-dalàna naroson'ny Mpanatanteraka hatramin'izay, nandany izany foana ny maroanisa, ny IRD. Izany hoe, nankatoavinay daholo izay rehetra nandalo teto. Tsy mpanohitra aho, hoy izy, raha tsy mitovy hevitra amin'ny Solombavambahoaka sasany ato amin'ny Vondrona IRD, fa ilaina kosa ny fahasamihafana amin'ny fanehona-kevitra.

Taorian'izay, nisy tsy fitovian-kevitra teo amin'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina sy Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, mikasika ny Solombavambahoaka voafidy ao amin'ny Vondrona Parlemantera IRD, kanefa niravona ihany, rehefa nandamina izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka ary samy nanambara fa tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna amin'izay ny fivoriambe.

Rehefa izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RATSIMBAZAFY Alain Jean, nametraka fanontaniana momba ny andininy faha-130 ny tenany amin'ny antony tsy maintsy anendrena PDS amin'ny Kaominina tsy manana Ben'ny Tanàna. Nomarihany fa manahy ny tenany sao misy antony hafa ara-politika na tsy maty na tsy voaheloka akory ny Ben'ny Tanàna kanefa soloina. Noho izany, tokony ampiana ihany ny fanazavana amin'io andininy io mba tsy hisian'ny ahiahy.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana, Andriamatoa Minisitry, hamaly ny fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANTSITOHAINA Naina, Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ary ny Sampandraharaha momba ny Fananan-tany, nambarany voalohany ny mikasika ny boky rovitra, fa manodidina ny 30% eo ho eo no ho vita ny famerenana azy amin'ny laoniny alohan'ny faran'ny volana Jona ho avy izao.

Mikasika ny fahataperan'ny fotoam-piasan'ny Ben'ny Tanàna, maro ny Solombavambahoaka nangataka fanazavana tamin'ny Fahefana Mpanatanteraka. Araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondram-panjakana, manohy ny asa maha-Ben'ny Tanàna azy hatrany izy ireo alohan'ny fifidianana Ben'ny Tanàna voafidy vaovao. Ao anatin'izay fotoana izay, ezahina ny tsy hampisy "dépense obligatoire" ataon'izy ireo ary tsy mahazo mivarotra "bien actif" koa izy ireo.

Mikasika ny hoe: mila olona manana fahaiza-manao sy manam-pahaizana no hatao Filohan'ny Delegasiona Manokana, tsy ampy izany fa mila olona mahalala tsara ny olona tantaniny ao amin'ny toerana misy azy koa io olona hotendrena io.

Momba ny resaka fangalarana tany, efa tafiditra ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny Fanjaka Foibe ny fanenjehana ireo "mafia" mpangalatra tany eto amintsika; na tanim-panjakana izany na tanin'olona tsotra koa. Efa nohamafisin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, tamin'ny Alarobia lasa teo, ny hanatanterahana ny baiko, ny hisamborana tsy misy fepetra ireo olona rehetra mpangala-tany. Nomarihany koa ny tokony hanovàna ny lalàna mikasika ny Fananan-tany eto amintsika mba tsy hahafahan'izy ireo hangalatra tany intsony. Nambarany fa vonona ny hanatanteraka izany ny tenany.

Momba ny tsy fisian'ny olom-boafidy amin'ny Kaominina tsy manana izany, fanendrena izay Filohan'ny Delegasiona Manokana no hatao ary efa voalaza ao anatin'ny volavolan-dalàna ny mikasika izany. Raha ohatra sanatria ka maty ny Ben'ny Tanàna na voasazy na nametra-pialana na voaongana tamin'ny toerany ny Ben'ny Tanàna, mazava ho azy fa soloina PDS ny fitantanana ny tanàna. Amin'izay tranga miisa efatra izay ihany no ahafahan'ny Minisitry manendry olona hatao PDS.

Fisaorana ny rehetra nihaino azy tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka no namaran'Andriamatoa Minisitry, ny fitenenany.

Rehefa tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa ahitana andiny miisa 4 ity Volavolan-dalàna ity, manampy an'izay ny famelabelarana ny antonantony.

**Famelabelarana ny antonantony;** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andiny voalohany:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andiny voalohany.

**Andiny faha-2:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andiny faha-2.

**Andiny faha-3:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andiny faha-3.

**Andiny faha-4:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andiny faha-4.

Taorian'izay, nambaran' Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2024-020 du 27 Septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la Loi n°2021-010 du 05 Aout 2021».

Taorian'ny fandaniahana ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANTSITOHAINA Naina, Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ary ny Sampandraharaha momba ny Fananan-tany.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataony noho ny fankatoavana sy fandaniahana ny Volavolan-dalàna naroson'ny Minisitara sahaniny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny Zoma 9 Febroary 2024 amin'ny 11 ora atoandro, no hatao ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena ary nomarihany fa raha misy fandinihana fanindroany ny volavolan-dalàna avy any amin'ny Antenimierandoholona dia efa hita ao anaty fandaharam-potoana izany.

Niato tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona